# Ny Tao-Trano Sy Fiatraikany Eo Amin'Ny Alan' Analalava

Pierre Jules (Coca) Rakotomalaza, John Henry, Robin, Bruno Sabotsilahy and Jean Claude

## Famintinana

Rehefa avy nanaraka atrik'asa fiofanana tao amin'ny KNARP nadritry ny 5 andro ny mpiofana, dia nanohy 4 andro taty Mahavelona (Foulpointe) (31 martsa ka hatramin'ny 04 aprily 2005). Nanao fampiharam-piofanana tao amin'ny tanàna manodidina ny alan'Ananlalava ireo mpiofana mikasika ny fampiasana ny zavamaniry sy ny fifandraisany amin'ny olombelona (ethnobotanie). Karazana fanadihadina maro no natao tamin'izany. Anisan'izany ny tao-trano. Tanàna roa no nanaovana ny fanadihadina dia : Sahamamy sy Morarano. Samy fokontan' i Morarano, kominin'i Mahavelona, faritan'i Toamasina.

Olona 7 no nanaovana ny fanadihadina ka 4 tao Morarano ary 3 tao Sahamamy. Karazan-trano maro no hita araka ny:

- Fampiasana azy
- Ny fitaovana nampiasaina (akora)

Karazan-kazo efatra ambiefapolo (44) no voatanisa ho fampiasa amin'ny fanaovana izany trano izany. Samy hafa anefa ny arazan-kazo nampiasaina araka ny taonan'ny olona nadihadiana. Ary toy izany koa ny toerana nakana azy.

## Fampidirana

### *Tantaran'ny tanàna*

- Morarano = Mora + Rano.

Nantsoina hoe Morarano ity tanàna ity noho izy nanakaiky rano. Rehefa nofoanana ny fanjakana tamin'ny andron'ny fanjanahantany dia nasain'ny Ampanjaka nidina ambany mba hanantona rano ireo olony, satria efa tsy misy intsony ny andevo hirahina hatsaka rano.

- Sahamamy (rano mamy)

Intelo nifindra ny tanànan'I Sahamamy ary tamin'ny taona 1999 no nifindra farany tamin'izao toerana misy azy izao.
Rafitra misy amin'ny ankapobeny

Morarano
Tangalamena
Presida ny fokontany
Visy presida
Kartie mobily

Sahamamy
Tangalamena

## Fomba Nentina Nanadihady

### *Safidin'ny olona nanontaniana*

Nosafidiny manokana ny olona mahay tao-trano, ka nohezahina ny hahazo ireo karazan'olona isan-tsokajiny

## Correspondence

Pierre Jules (Coca) Rakotomalaza, WWF Toliara, BP 344, Toliara 601, MADAGASIKARA.
pjrakotomalaza@wwf.mg

John Henry, Robin, Bruno Sabotsilahy, Jean Claude, Morarano, Fonkotany Morarano, Kominina Mahavelona, Toamasina, MADAGASIKARA.

**Ethnobotany Research & Applications 3:375-381 (2005)**

**Tabilao 1**. Ny mombamomba ireo olona nohadihadiana.

| Nom | Olona nohadihadiana | Taona | Fihaviana | Fianaka -viana | Isan-jaza | Isan-trano efa namboarina | Finoana | Ny nampianatra |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | Rodin | 21 | | 0 | 0 | 1 | K | Ray |
| 2 | Visy Presida | 60 | | 1 | 5 | 1 | K | Ray |
| 3 | Jean Henry | 54 | | 1 | 6 | 1 | K | Ray |
| 4 | Toto Gaston | 49 | | 1 | 12 | 2 | K | Ray |
| 5 | Justin Rabemananjara | x | | 1 | | | | |
| 6 | Bruno Sabotsilahy Pierre | 24 | | 1 | 3 | 3 | K | Ray |
| 7 | Jean Claude | 49 | | 1 | 6 | 3 | K | Ray |

antitra sy tanora, tompon-tany sy mpihavy. Nohon'ny fahateren'ny fotoana anefa dia tsy feno ireo fepetra sasany.

***Fanontaniana***

Fanontaniana mivantana no nentina nanangona ireo antontan'isa entina mamantatra ny momban'ny tao-trano.

- Anarana
- Taona
- Fihaviana
- Manambady sa tsia
- Isan'ny zanaka
- Isan'ny trano efa namboarina
- Iza no nampianatra
- Ny fomba atao raha hanorintrano
- Ny asa ato amin'ny fanorenan-trano
- Ireo karazan' ny faritra misy amin'ny trano
- Ireo karazan-kazo fanao isaky ny faritra sy izay mety hasolo azy
- Ny asa atao amin'ny hazo tsirairay
- Ny mety ho vidin'ny fitaovana tsirairay
- Ny faharetan'ny trano iray
- Ny fitaovana nampiasaina
- Ny fiatraikan'ny fivoarana (fitaovana sy akora)
- Ireo tsindry mianjady amin'ny ala
- Ny mahatonga ny olona iray hanao trano

## Valin'Ny Fanadihadina

Olona 7 no nanaovana ny fanadihadiana (Tabilao 1). Tamin'ny andro voalohany dia tao Morarano no nanaovana ny fanadihadiana ka olona 4 no nohadiadina tamin'izany. Iray tanora, ny roa olona antitra ary ny fahafetra mpiavy (mpampiantra). Ny andro faharoa dia tao sahamamy no nanaovana ny fanadihadiana ka olona telo no nohadiadiana : tanora mpihavy ny iray ary tompon-tany efa lebibe ny roa.

Araka ny fanadihadiana natao (Tabilao 2) dia misy maro ny faritra amin'ny trano iray ary tsy mitovy izany araka ny tanàna nanovana ny fanadihadiana, araky ny olona nohadihadiana ary indrindra araka ny taonany

Karazan-trano maro no hita (Tabilao 3) araka ny :

- Fampiasana azy
- Ny fitaovana nampiasaina (akora)

Karazan-kazo efatra amibefapolo (44) no voatanisa ho fampiasa amin'ny fanaovana izany trano izany (Tabilao 4). Samy hafa anefa ny karazan-kazo nampiasaina araka ny taonan'ny nadinina. Ary toy izany koa ny toerana nakana azy Kisary 1. Misy toerana telo voalaza fa nakana ireo hazo fanao trano : Ala velona, Savoka na ireo torena nisy ala taloha ka nampiasaina tamin'ny fambolena ary nilaozana ka manjary misy zavaniry hafa, ary ny tanin-kinina izay ahitany karazan-kininina roa. Ny ekaliptisy moa dia amin'ny toerana iva sy mando no nakany azy.

Tao amin'ireo efatra ambiefapolo (44) karazany ireo dia tao ireo karazany izay nampiavaka ny tanàna tsirairay na dia nisy aza ny nitambarana. Telo ambiroapolo (12) karazana no niraisana (tabilao 5). Iraika ambinifolo (11) karazana no voalaza fa fampiasa tao amin'ny tanànan'i Morarano (tabilao 6) ary iraika ambiroapolo (21) ny tao Sahamamy (tabilao 7).

Maro ireo hazo ampiasaina amin'ny fanaovan-trano ka araka ny habeny no lany amin'izany (tabilao 8).

***Fomba fanaovana trano***

Samy manana ny fomba fanovany trano ireo izay nohadihadina na dia samy iray tanàna aza ary araka ny taonan'ny olona nohadihadina. Araka ny voalaza teo ambony dia misy karazana maro ny trano araka ny zava-misy (ny toerana asiana azy, ny vola ho enti-manana, ny olona hanao azy, ny fotoana, ny akora hanaovana azy).

**Tabilao 2**. Ireo karazam-paritra misy amin'ny trano iray araka ny olona nohadihadiana.

| Faritra/olona | Bruno | Jean Claude | Jean Henry | Robin | Visy Presida |
|---|---|---|---|---|---|
| Ambony mandry | | 1 | | 1 | |
| Ampanjoro | 1 | | 1 | | |
| Andry | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 |
| Andry be | 1 | 1 | | | |
| Dondona | 1 | | 1 | | 1 |
| Famata | | 1 | | 1 | |
| Famovona | 1 | | | | |
| Fitoroky | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 |
| Haratra | | | | | 1 |
| kiritsaka | | | 1 | | |
| korokota | 1 | 1 | 1 | | 1 |
| Lahatra | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 |
| Lohantrano | | | 1 | | |
| Rapaka | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 |
| Rindrina | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 |
| Tafo | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 |
| Tapenaka | 1 | | 1 | | 1 |
| Tongotra | 1 | 1 | 1 | | 1 |
| Varavarana | 1 | 1 | 1 | | 1 |
| Totaliny | 14 | 12 | 14 | 8 | 12 |

**Tabilao 3**. Ireo karan-trano misy tao amin'ny faritra nohadihadiana.

| karazany | Lagilisy | Lakilasy | Tranobe | Lakozina | Rovan'akoho | Tranon-dambo |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Sahamamy | 0 | 0 | 1 | 1 | 1 | 1 |
| Morarano | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 |

**Tabilao 4**. Ireo karan-kazo misy tao amin'ny faritra nohadihadiana ary ny karazan'ala misy azy. (I: Ala velona; II: Savoka na ala efa simba; III: Tany Fambolene kininina.)

| | | **Morarano** | | | **Totaliny** | **Sahamamy** | | | **Totaliny** |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Num** | **Anarana** | **I** | **II** | **III** | | **I** | **II** | **III** | |
| 1 | Amboza | | | | | 1 | | | 1 |
| 2 | Arina | 1 | | | 1 | | | | |
| 3 | Bararata | | | | | 1 | | | 1 |
| 4 | Bonara | | | | | | 1 | | 1 |
| 5 | Dendemy | 1 | | | 1 | | | | |
| 6 | *Eucalyptus* | | | 1 | 1 | | | 1 | 1 |
| 7 | Faralaotra | 1 | | | 1 | 1 | | | 1 |
| 8 | Fontsy | | 1 | | 1 | | 1 | | 1 |
| 9 | Gavoala | | | | | 1 | | | 1 |
| 10 | Harongampanihy | | | | | 1 | | | 1 |
| 11 | Harongana | | 1 | | 1 | | | | |
| 12 | Hazina | 1 | | | 1 | | | | |

| | | Morarano | | | Totaliny | Sahamamy | | | Totaliny |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Num** | **Anarana** | **I** | **II** | **III** | | **I** | **II** | **III** | |
| 13 | Hazoambo | | | | | 1 | | | 1 |
| 14 | Hazomalany | | | | | 1 | | | 1 |
| 15 | Hazombato | 1 | | | 1 | 1 | | | 1 |
| 16 | Hazomintiny | | | | | | 1 | | 1 |
| 17 | Hazondronono | 1 | | | 1 | 1 | | | 1 |
| 18 | Hazontoho | | | | | 1 | | | 1 |
| 19 | Hazontsiaria | 1 | | | 1 | 1 | | | 1 |
| 20 | Hintsina | 1 | | | 1 | | | | |
| 21 | Hompa | | | | | 1 | | | 1 |
| 22 | Kininina | | | 1 | 1 | | | 1 | 1 |
| 23 | Lalona | | | | | 1 | | | 1 |
| 24 | Laloto | 1 | | | 1 | | | | |
| 25 | Longotra | | | | | 1 | | | 1 |
| 26 | Mahalameloka | 1 | | | 1 | 1 | | | 1 |
| 27 | Malambovony | | | | | 1 | | | 1 |
| 28 | Merana | 1 | | | 1 | 1 | | | 1 |
| 29 | Molompagady | | | | | 1 | | | 1 |
| 30 | Morodona | 1 | | | 1 | | | | |
| 31 | Nanto | 1 | | | 1 | 1 | | | 1 |
| 32 | Nanto boko | | | | | 1 | | | 1 |
| 33 | Rotra | 1 | | | 1 | | | | |
| 34 | Sefontsohihy | | | | | 1 | | | 1 |
| 35 | Tamenaka | | | | | 1 | | | 1 |
| 36 | Tognonana | 1 | | | 1 | | | | |
| 37 | Tsiambanindahy | 1 | | | 1 | | | | |
| 38 | Tsimahamasantsokina | 1 | | | 1 | 1 | | | 1 |
| 39 | Tsipatiky | | | | | 1 | | | 1 |
| 40 | Vintanona | | | | | 1 | | | 1 |
| 41 | Voamboana | 1 | | | 1 | | | | |
| 42 | Voapaka | | | | | 1 | | | 1 |
| 43 | Voarara | | | | | | | 1 | 1 |
| 44 | Volo be mavo | | 1 | | 1 | | 1 | | 1 |
| | Total especes | 18 | 3 | 2 | 23 | 26 | 4 | 3 | 33 |

Ny hiraisan'ny mpanao trano dia ny fiatombohona amin'ny fanangonana ny akora ilaina. Mitohy amin'ny fanaovan-trano izany, ary miafara amin'ny fidirana ao anatiny.

### *Ambaratogam-panamboarana*

Samy manana ny fiatombohany ary famarany ny trano ny nadinina. Na izany aza dia maro no hitovizana. Karazana trano fonenana na trano be no hafakafakaina eto ka ireo trano ara-drazana no nofidiana.

### *Tombabidin'ny trano iray*

Na dia mitovy ihany aza ny akamaroan'ny akora ampiasaina dia tsy mitovy kosa ny tombabidy homen'ny nadinina. Ary satria tsy vidiana ireo akora fa alaina dia sarotra amin'ireo nadinina ny manombana ny mety ho lany na ny mety ho vidin'ny asany amin'ny fanaovana trano iray.

**Tabilao 5**. Ireo karan-kazo iombonana.

| Nom | Anarana |
|---|---|
| 1 | *Eucalyptus* |
| 2 | Faralaotra |
| 3 | Fontsy |
| 4 | Hazombato |
| 5 | Hazondronono |
| 6 | Hazontsiaria |
| 7 | Kininina |
| 8 | Mahalameloka |
| 9 | Merana |
| 10 | Nanto |
| 11 | Tsimahamasantsokina |
| 12 | Volo be mavo |

**Tabilao 6**. Ireo karan-kazo fanaovan-trano votonon'ny nohadihadina tao Morarano.

| Nom | Anarana |
|---|---|
| 1 | Arina |
| 2 | Dendemy |
| 3 | Harongana |
| 4 | Hazina |
| 5 | Hintsina |
| 6 | Laloto |
| 7 | Morodona |
| 8 | Rotra |
| 9 | Tognonana |
| 10 | Tsiambanindahy |
| 11 | Voamboana |



Manadihady ny tompon'andraikitra voalohany ao an-tananan'I Morarano.

**Tabilao 7**. Ireo karan-kazo fanaovan-trano votonon'ny nohadihadina tao Sahamamy.

| Nom | Anarana |
|---|---|
| 1 | Amboza |
| 2 | Bararata |
| 3 | Bonara |
| 4 | Gavoala |
| 5 | Harongampanihy |
| 6 | Hazoambo |
| 7 | Hazomalany |
| 8 | Hazomintiny |
| 9 | Hazontoho |
| 10 | Hompa |
| 11 | Lalona |
| 12 | Longotra |
| 13 | Malambovony |
| 14 | Molompagady |
| 15 | Nanto boko |
| 16 | Sefontsohihy |
| 17 | Tamenaka |
| 18 | Tsipatiky |
| 19 | Vintanona |
| 20 | Voapaka |
| 21 | Voarara |


## Fikirakirana

Maharitra 10 taona ny salan'isa faharetan'ny trano iray. Dimy taona no faharetan'ny tafo sy ny rindrina ka soloina ireo rehefa simba. Ny fitoroka dia mety ho simba koa raha toa ka ratsy tafo ny trano. Soloina araka izay maha simba azy ireo hazo fanao trano.


Misy karazan-kazo voalaza fa hatahorana ho lany tamingana ao anaty alan'Analalava nohon'ny fampiasana azy be loatra nefa tsy voatonon'ireo tanàna roa.




Taho sy ravina Ravinala, anisan'ny fitaovana tena ilaina amin'ny fanaovana trano.



Trano tsy misy tongony tao Morarano.



Trano misy tongony tao Morarano



Trano tao Sahamamy.



Trano eo andalam-panamboarana.

**Tabilao 8**. Ny habetsaky ny hazo lany arakaraky ny trano.

| Karazany | Lagilisy | Lakilasy | Tranobe | Lakozina | Rovan'akoho | Tranon-dambo |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Isan'ny hazo | 150 | 60 | 40 | 40 | 10 | Volo |
| Tafo (pake) | 5 | fanitso | 5 | 5 | 1 | 1 |